PACES : mianatra tsianjery ny lesona miaraka amin’ny mind map !

Ny Mind Map dia fitaovana tena mahomby tokoa amin’ny PACES. Manampy amin’ny fisintonana sy ny fitadidiana ny fahalalana rehetra misy ao anatina lesona iray izy na inona izany na inona. Ankoatr’izany dia fomba fiasa mahafinaritra izy, mampahay mamorona ary lojika mba handraisana sora-pitadidiana ny lesona nefa koa hamerenana tsianjery ny lesona satria ity fomba fiasa ity dia mamela anao hanao “endrika an-kisaritany” ny fieritreretanao momba ny lesona ao amin’ny P1.

Toy izao ny firafitry ny Mind Map iray : eo afovoany ny lohahevitra na ny foto-kevitra ijoroan’ny Mind-Map, an-tsary na an-teny. Ohatra :

- Ny lohahevitra fototra nohazavain’ilay mpampianatra tamin’ny maraina;
- Ny Zana-pizarana tao amin’ny tahirin-kevitra mikasika ny “histologie”
- Ny toko momba ny rantsam-batana ambony ao amin’ny “anatomie” ohatra…

Avy amin’io ivon-kevitra io, dia misy sampana marobe miloko, misandrahaka amina hevitra fototra isan-karazany miendrika sary na teny manan-danja. Ireo sampana ireo indray dia mbola mizarazara mankany amina hevitra miitatra, an-tsary ihany koa na an- teny manan-danja,sns.

Ahafahana manova ny lisitra lavabe sarotra sy mahasorena ny fananganana ny “Mind Map” (ny karazana vondron-kozatra sy ny hozatra mandrafitra ny retsika amin’ny soroka, lisitr’ireo “acides-aminés”…) amin’ny alalan’ny fanehoana an-kisary manintona, misora-doko, manaraka ny lojika ary voakaly tsara, mirindra manaraka fomba fiasa voajanaharin’ny atidoha.

Azo amboarina amin'ny tsy fampiasana afa-tsy takilan-taratatsy, pensilihazo-ranomainty na loko ny endrika an-kisarintany. Ahafahana miara-miasa amina namana amin'ny andri-kisarintany iray ny fampiasana fafana fotsy na mainty mandritra ny famerenan-desona iombonana.

Na dia efa misy aza amin'izao fotoana izao fomba manaraka toetr'andro ahafahana manangana azy, efa nisy taloha elaben'ny fizarana mampiasa "smart-phones » ny endri-kisarintany ary mora tontosaina kokoa an-taratasy fotsy.

Ny Mind Map, izay antsoina ihany koa hoe endri-kisary natokana ho an'ny fikarohana « carte heuristique », dia azo ampiasaina amin-javatra maro ao amin'ny P1. Azo ampiasana azy avokoa ny :

- Fandraisana sora-pitadidiana lesona ;
- Ny fanamboarana ilay lesona amin'ny fomba hafa aorian'ny fampianarana;
- Ny fanaovana tsianjery ny lesona amin'ny fampiasana ilay taratasy fotsy;
- Fanampiana amin'ny famintinana sy ny famerenana haingana ny lesona ;
- Fandalinana ny teny manan-danja, zava-dehibe indrindra amin'ny SHS (UE7)
- Fanasongadinan-damina eo amin'ny lesona iray na maromaro ;
- Fanampiana amin'ny fianarana fitadidian-javatra amin'ny alalan'ny fitadidiana a-maso sy an-kabaka

1. **NyMind Map kely ho fitadidiana amin'ny P1** 😉

Manorona ianao, mandamina, misaina tsaratsara kokoa, haingana nefa tsotra, ny fahalalana rehetra momba ny lesona ao an-tsainao ; ny fahafehezana ny lesona dia azo antoka amin'ny fampiarahana ny fijery ankapobeny sy ny antsipiriany.

Ny ilabolana tsirairay ao amin'ny atidoha dia samy manana ny mampisongadina azy. Manome vahana kokoa ny fampiroboroboana sy fampiasana ny ati-doha havia anefa ny fampianarana azontsika sy ny kolontsaintsika, heverina mantsy fa voatokana hoan'ny mpanakanto sy ny ankizy ny ilany havanana.